

REPOBLIKAN'I MADAGASKARA
Fitovana - Tanindrazana - Pandrososana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-285

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA
FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2023**

Fivoriana faha-13
Natao ny
Zoma 15 Desambra 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHSOA Christine

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina
- Ramatoa REHELIHANTA Jocelyne

FOTOANA: Zoma 15 Desambra 2023 tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivorianana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

- Lakolosy -
- Hiram-pirenena -
- Hira Fanevan'ny Antenimierampirenena -

- 1 -
- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivorantsika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2023 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena -

Ramatoa REHELIHANTA Jocelyne

Misaotra Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha;
Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra rehetra;
Miarahaba ny Solombavambahoaka;

Miarahaba ihany koa ny vahiny manan-kaja manotrona izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2023 izao.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena: Ny Filoha no manambara ny fikatonan'ireo fotoam-pivoriana ara-potoana roa isan-taona eo amin'ny fiafaran'ny famaranana ny fivoriana farany foafaritry ny Diniky ny Filoha, enimpolo andro aorian'ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana isanisany.

Mijanona ny fiadian-kevitra rehetra rehefa vakina ny didim-panjakana fanakatonana ny fotoam-pivoriana iray. Faranan'ny Filoha eo no ho eo ny fivoriana.

Vita, Ramatoa Filoha.

- 3 -

- Kabarin-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'ny namakiany ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy tao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay.

Ramatoa Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Tombon-kasem-panjakana, misolotena an'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoakan'i Madagasaiaka namana hajaina;

Ramatoa sy Andriamatoa isany Ministra mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa misolotena ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Zon'Olombelona;

Ianareo Masoivooho Vahiny Monina sy Miasa eto Madagasikara;

Ianareo MPIARA-miombon'Antoka Ara-Teknika sy Ara-Bola amin'ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;

Andriamatoa Sekretera Jeneraly sy ianareo mpiara-miasa rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika etoana araky ny laharam-boninahitra misy ianareo avy.

Tompokolahy sy Tompokovavy

Milamadamaka ny ahitra, mifandray tendro ny vero, ny andian'ankanga miara-manjohy, fa isika eto kosa faly mifanotrona.

Amin-karavoana sy fo feno fitiavana hatrany no iarahabana antsika rehetra tsy misy anavahana ato anatin'ity efitrano ity. Mankasitraka amin'ny fanotronana ho anareo vahiny manan-kaja nasaina. Tsy adino koa ny miarahaba antsika rehetra izay manaraka amin'ny alalan'ny haino aman-jery any an-tokatrano any avy an'izao lanonana famaranana ny fotoam-pivoriany Antenimierampirenena izao.

Velom-panantenana mandrakariva kosa mahita anareo Andrianjanohanin'ny Lapa, atrehimahavita, iamboho-mahefa, valaben'ny Demokrasia sy ny fanaovan-dalàna eto amin'ny Antenimierampirenena dia ianareo Solombavambahoaka izany.

Ataoko toy ny tara-pahazavana atosaky ny masoandro mitatao vovonana ny fiarahabana, ka avy hatrany dia hahenika antsika rehetra tsy misy anavahana; Arahaba sarasara Tompokolahy, salama arahin-kasina Tompokovavy.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ny voalohan-teny dia atolotra an'Ilay tsy hay dikaina miaohan'ny zava-drehetra dia Ilay Andriamanitra Tompo izany. Ho Azy ny dera sy ny laza ary ny voninahitra satria Izy no nitantana antsika. Izy no niambina ary Izy no niantoka ny fahatontosan'izao fotoam-pivoriane izao.

Manarak'izany dia manolotra ny fiarahabana manokana an'Andriamatoa Filoha Andry Nirina RAJOELINA, hanohy ny asa maha Filohampirenena azy indray.

- Tehaka -

Miarahaba manokana koa an'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, Solombavambahoaka an'i Madagasikara voafidy tao Antananarivo faha-V, izay lany ho Filoha Lefitra ho an'ny Faritanin'Antananarivo eto anivon'ny Antenimierampirenena. Mahefà be amin'ny adidy aman'andraikitra vaovao izay sahaninao, Andriamatoa Filoha Lefitra.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ho toy ny mahazatra dia ny tatitry ny asa vita teto nandritr'ity fotoam-pivoriane faharoa ity no hanombohana ny fandraisam-pitenenana.

Volavolan-dalàna miisa efatra (04) no nipetraka teto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ny telo (03) tamin'izany no lany fa ny iray (01) kosa dia hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

Tolon-dalàna miisa enina (06) no nipetraka, ny efatra (04) tamin'izany no lany fa ny roa (02) kosa dia hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

Tsy nisy ny Tolo-pehin-kevitra nodihana teto.

Ho an'izay liana amin'ny antsipirian'ireo tatitra ireo dia afaka mitsidika ao amin'ny Tranokalan'ny Antenimierampirenena.

Tiako ny manamarika eto, fa vao omaly dia nisy Lalàna miisa telo (03) no nolaniana teto, izay mikasika ny fifidianana ny Ben'ny Tanàna, ny mikasika ny "Conseil de la Réconciliation Nationale" na ny "Conseil du Fampihavanana Malagasy (CFM), tao koa ny mikasika ny Renivohitry ny Kaominina izay nolaniana teto avokoa. Mbola nolaniana omaly hariva koa ny Tolo-dalàna momba ny Olona varira.

Ny tena ivon'ity fotoam-pivoriana faharoa ity dia ny fandinhana sy fandaniana ny Volavolandalàna ifehezana ny Tetibolam-panjakana, taona 2024. Nolanian'ny Solombavambahoaka soa aman-tsara izany, ka anisan'ny nisongadina tamin'izany ny:

- Fanohanana ny sosialy sy ny fanatsarana ny mahaolombelona; ahitana fiakarana 341 Miliara Ariary ny tetibola teo amin'ny sehatry ny sosialy ho an'ny taona 2024 raha oharina amin'ny tetibolan'ny taona 2023.

- Fanohanana ireo sehatra tsy miankina amin'ny alàlan'ny tetik'asa sy ny sehapamokarana mba hisian'ny fahamarinan'ny fampiasam-bola: ahitana fiakarana 77 Miliara Ariary ny tetibola raha miohatra tamin'ny taona 2023. Azo ambara amin'izany ny ODOF.

- Fanamafisana ny fitantanana eny ifotony amin'ny alàlan'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fitantanana mangarahara: fampiakarana ho 16,66% ny tetibola natokana ho an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Vinavinaina hiampy roa (02) ireo Faritra misy eto Madagasikara.

- Vinavinaina hiakatra 4,5% ihany koa ny tahan'ny harin-karena faobe amin'ny taona 2024 raha 4,0% tamin'ity taona 2023 ity.

Ankoatran'ny fanaovan-dalàna kosa dia toy izao raha fintinina ny asa hafa notanterhana teto amin'ny Antenimierampirenena:

8 Desambra:

Natsangana tamin'ny fomba ofisialy teny amin'ny «Hotel Radisson Blue» ny tambazotra parlementera mikasika ny fananahana na ny «Réseau Parlementaire pour la Justice Reproductive». Fiaraha-miasa miaraka amin'ny «Ipas Afrique Francophone», izay entina hanatsarana ny zo ara-pananahana ho an'ny vehivavy tanora sy lehibe ary ny vahoaka malagasy.

30 Novambra:

Nanatrika ny COP 28 izay natao tany "Dubai" ny delegasiona avy amin'ny Antenimierampirenena izay nahitana Solombavambahoaka vitsivitsy.

29 Novambra:

Nitsidika teto amin'ny Antenimierampirenena ireo mpianatra avy ao amin'ny CEG sy EPP Ambatomainty-Ambatolampy, izay notarihin'ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa sy ireo mpanabe azy ireo.

22-24 Novambra:

Fivoriana andiany faha-11 tamin'ny «Conférence Africaine sur la Lutte Contre les Flux Financiers Illégaux». Nanatrika izany tamin'ny alàlan'ny ampitain-davitra ny Solombavambahoaka voafidy tao Sainte Marie, Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, izay Filohan'ny APNIFT eto Madagasikara.

13-17 Novambra:

Nanatrika ny «Forum des Parlementaires d'Afrique Australe 2023» izay natao tany «Windhoek-Namibie» ny solotenan'i Madagasikara. Ny fanamasifana ny fifandraisana eo amin'ny parlemanta sy ny mpisehatra amin'ny fandriampahalemana no lohahevitra nodinohana nandritra izany. Ny Solombavambahoaka RAMBOASALAMA Emilien no nanao ny tatitra sy nampahafantatra ireo ezaka natao sy ny vokatra azon'i Madagasikara.

13-15 Novambra:

Nandray anjara tamin'ny fihaonambe faha-19-n'ny Ranomasim-be Indiana amin'ny ady amin'ny VIH, ny Hepatita sy ny fiankanan-doha izay natao tao «Seychelles», ny Solombavambahoakan'i Madagasikara RAJAOBELINA Lova Herizo, Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka

27 Oktobra:

Nisy fihaonana ampitain-davitra izay nokarakarain'ny «Association des Secrétaires Généraux des Parlements Francophones (ASGPF)». Lohahevitra nodinohana ny fomba fandraisana ireo parlemantera vaovao ho fanohanana ny Andrimpanjakana. Nanao famelabelaran-kevitra tamin'izany ny Sekretera Jeneraly, Andriamtoea Calvin RANDRIAMAHAFANJARY.

25-26 Oktobra:

Nanatrika ny «conférence continentale» nokarakarain'ny «Réseau des Parlementaires Africains pour la Lutte Contre les Flux Financiers Illicites» na APNIFT tao «Nairobi-Kenya» ny solotenan'ny Antenimierampirenena. Ny Solombavambahoaka voafidy tao Sainte Marie, Andriamtaoa RAVONTY Tam Teon Luc sy ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee voafidy tao Vondrozo no nisolotena ny Antenimierampirenena tamin'izany.

10-11 Oktobra:

Nanatrika ny Atrik'asa nokarakarain'ny «Association des Parlementaires des Etats membres de la COI (AP-COI)» tao amin'ny Nosy «Maurice», ny solotenan'ny Antenimierampirenena. Delegasiona izay notarihin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena; niarahana tamin'ny Mpampakateny Lefitra, ny Solombavambahoaka RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina; ny Solombavambahoaka isany RALAMBOZAFIMBOLOLONA, Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM, TOVONDRAY Retsanga Brillant De l'Or, voafidy tao Midongy Atsimo ary ny teknisiana teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Hitantsika amin'izany fa na dia tafiditra tao anatin'ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra aza ity fotoam-pivoriania faharoa ity ary maro ny Solombavambahoaka niantsehatra tao anatin'izany dia nitohy tsy niato hatrany ny asa teto amin'ny Antenimierampirenena.

Rantsana tsy misaraka aman-taho amin'ny Solombavambahoaka tokoa mantsy ny asa fanaovan-dalàna sy ny asa famitàna iraka ary ny raharaha politika. Tsy latsa-danja amin'izany rehetra izany koa ny fisahanana ny raharaha-pirenena.

Koa ny mikasika izay indrindra no indro hirosoantsika manaraka.

Dingana iray indray no vita araka ny voafaritry ny Lalàmpanorenana dia iny fidianana Filohampirenena iny.

Miarahaba ny vahoaka Malagasy na ny nify na ny tsy nify, fa zo ananan'ny tsirairay izany. Ankoatra ny resaka fidianana dia nirongatra izay tsy izy ny endrika tsy fandriampahalemana tato ho ato izay. Miseho amin'ny endrika maro samihafa izany ary mivoatra mihitsy ny mpanao ratsy.

Maro ny fanafihan-dahalo amin'ny resaka halatr'omby, ao koa ireo tranga hafa mihitsy, toy ny miseho any amin'ny Distrika an'Ankazobe, Distrikan'i Vondrozo, izay nahitana fanapahan-doha, ny fakàna an-keriny, ankoatr'izany dia lasibatra ny fanafihana mitam-basy matetika ireo mpanao «cash-point» an-drenivohitra. Ny fisolokiana any anaty finday dia tsy lazaina intsony. Mirongatra ny tsy fandriampahalemana. Mipetraka ny fanontaniana hoe, inona no anton'izany. Feno manenika ny tanàna anefa ny mpitandro filaminana. Samy mieritreritra any anatiny ny tsirairay.

Manomboka mampiaka-peo indray ny vahoaka ankehitriny amin'ny resaka delestazy sy ny fahatapanhan-drano. Efa manao izay hoafany ny tomponandraikitra. Koa tohizo ny fikatsahana vahaolana satria sanatria dia ho voaozona amin'ny vahaolana mandrakariva ve ny iainan'ny vahoaka Malagasy. Mipetraka koa ny fanontaniana.

Mba hisorohana ny valan'aretina sy hitandrovana ny fahasalamana dia tsara raha anaovana ezaka ny fanalana ny fako eto an-drenivohitra indridra amin'izao fotoana fahavokaran'ny voankazo sy ny fisian'ny rotsak'orana izao no tena ilana ny fahadiovan'ny tanàna.

Heno koa fa araka ny vinavina avy amin'ny mpamantatra ny toetr'andro dia ho maromaro ny rivo-doza handalo eto amintsika. Koa manainga sahady ny tomponandraikitra sy ny vahoaka mba hiomana mialoha sy handray andraikitra amin'izany.

Raharaha-pirenena ihany:

Izahay teto amin'ny Antenimierampirenenana dia nivoy sy nikatsaka mandrakariva ny fitoniana eto amin'ny Firenena. Fironan-kevitra mahakasika izany ihany ny anton'ireny antso ho amin'ny fifampiresahana natao ireny ary tafiditra rahateo amin'ny atao hoe Diploma Parlemantera. Tsy mboala lany andro rahateo izany fotokevitra izany satria tsy azo visavisaina mialoha ny vokatry ny fiforetana anaty (frustration). Aleo misoroka toy izay mitsabo ary andraikitra efa noraisina ka atao toy ny horirika namonosan-tsira, masahana hatramin'ny fonosany. Anterina hatrany fa tsy fanoherana ny fitondrana io fotokevitra io, fa fikatsahana fitoniana mandrakariva. Amin'ny maha tany Repoblikana izay mandala ny Demokrasia an'i Madagasikara rahateo dia mananjo aneho ny heviny ny rehetra.

Isan'ny zava-dehibe andrasana amin'izao fotoana izao ny fifanakalozan-kevitra mba hisian'ny fitoniana sy filaminana miorina amin'ny fihavanana. Mila ny tena fanorenana sy fanarenana ary fanasitranana ny Firenena. Aza tsy tia olona, fa ny olona no harena. Izao no lazain'i Jehovah Tompo: aoka ny hendry tsy hirehareha amin'ny fahendreny ary aoka ny mahery tsy hirehareha amin'ny heriny ary aoka ny manan-karena tsy hirehareha amin'ny hareny. (Jeremia 9: 22).

Ity mba misy hafatra kely ampitaiko mahakasika ny fanehoan-kevitra eto amintsika: na toa inona na toa inona antony itenenana dia ataoovy am-pahamalinana hatrany izany satria ny fahalalahana miteny dia misy, fa tsy iantohana kosa ny fahalalahana ao aorian'ny fitenenana. Eto aho dia manentana ny Malagasy rehetra, andao hibebaka ary hitalaho mandrakariva amin'Andriamanitra Tompo amin'izay hanasitranana ity Firenentsika ity, fa ny adiady mandratra ary ny fifandrangitana mahatezitra.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ny resaka moa tahaka ny oram-pahavaratra, ka indraindray andrasan-ko ritra vao manodradrano. Ny ahy kosa aloha ajanoko eo ny lahateny satria izay no sahaza, izay no antonony, fa ny fotoana tsy azo ivalamparana.

Ho avy ity ny fety aman-danonana noho ny fetin'ny Noely sy faran'ny taona ary ny taombaoavo. Koa manainga ny vahoaka Malagasy rehetra mba hitandro mandrakariva ny filaminana, hahay hifaly, hahay hifety ho lavity ny korontana.

Manainga anareo mpitandro filaminana mba hampandry fahalemana ny tany hahafahan'ny valalabe mandry mifety am-pilaminana sy mamarana am-piravoravoana ny taona ary ho tretrika handray ny taona vaovao. Aoka ianareo mpitandro filaminana tsy ho fampitahorana sy ho fampihorohoroana, fa mba hotoky ny vahoaka Malagasy.

Ho anareo Solombavambahoaka rehetra kosa, mirary soa anareo ho todisoa amin'ny lèlana miverina mankany amin'ny Distrika misy anareo tsirairay avy. Aza hadinoina ny manao tatitra, ampifalifalio ny vahoaka amin'izao fety izao. Zarao vatomamy sy kilalao ny Kilonga.

Mamerina ny fisaorana ho antsika rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany.

Homba antsika mandrakariva anie Andriamanitra. Masina i Madagasikara.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

Mamelà ahy aianareo hanao lahateny tsotra sy fohy amin'ny teny frantsay ho an'ireo Masoivooho Vahiny tonga manome haja sy voninahitra izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriania faharoan'ny Anterimierampirenena, taona 2023 izao.

Madame La Présidente

Excellence Mesdames et Messieurs, les membres du Corps Diplomatique et Représentants des Organisations Internationales; au nom du Bureau Permanent et des Députés membres de l'Assemblée Nationale, j'aimerais vous exprimer mes chaleureux mots de bienvenue à cette cérémonie de clôture de la seconde session ordinaire 2023 de l'Assemblée Nationale, sous la chaleur torride de ce vendredi 15 décembre 2023.

Vous étiez dans cette même salle lors de l'ouverture de nos travaux le mardi 17 octobre 2023. Vous répondez encore présent aujourd'hui, nous en sommes très honorés.

Je voudrais rendre un vibrant hommage à la communauté internationale que vous représentez pour l'appui multiforme à Madagascar, particulièrement lors de la récente période électorale.

Veuillez, toujours nous accompagner dans notre quête de stabilité politique et du développement stable de notre pays.

Excellence, Mesdames et Messieurs;

Le temps n'est plus aux critiques des faits saillants récents. Prenons-en acte. Certes notre pays traverse une crise de confiance. Mais, nous, politiciennes et politiciens, devrons raisonner par la grandeur et par la noblesse de la mission que le peuple nous a attribué; l'intérêt général prime avant toutes les sensibilités politiques, là où l'intérêt du peuple et de la nation se voit lésé, tous et ensemble nous ne devons avoir qu'une seule et unique voix: l'unité nationale.

Il est grand temps de mettre à plat les maux qui nous divisent, ayons le courage de nous mettre autour d'une table pour dialoguer de manière désintéressée, entre gens respectueux des valeurs républicaines et des gens de bonne société et des gens de bonne volonté. Les germes de la division devront être discutés et élagués pour ainsi, trouver des solutions pérennes.

Une dynamique populaire était perceptible et observée.

Je me garde de porter un commentaire.

À qui incombe le tort?

Nous voilà face à une société embarrassée et désorientée. L'évidence nous pousse à suspendre les provocations afin d'écartier tous les éventuels troubles. Les droits humains et les valeurs universelles devront être scrupuleusement respectés avec en priorité l'instauration de la paix. Cette paix que nous prenons et que nous aspirons temps.

En parallèle, je tiens à souligner la recrudescence de la violence et des actes criminels dans les zones rurales qui dans l'urgence nécessite des mesures appropriées.

Et je voudrais quand même apporter quelques mots sur le dernier scrutin.

L'Assemblée Nationale a pour vocation de légiférer, c'est une institution qui conçoit et qui adopte les lois de la République par le biais de ses membres élu(es)s et que ses compétences et attributions s'arrêtent là où celles des autres institutions commencent. Dans tous les cas, il y a un temps pour les grands débats sur les intentions des uns et des autres candidats qui s'étaient présentés. Il y a aussi un temps pour les débats essentiels qui sont sur le développement de tous les secteurs, sur l'instauration de la transparence, sur la lutte contre la corruption. Et dans tous les cas, il n'y a point de corruptions sans les corrupteurs ni les corrompus, et ce fléau devra être une des priorités du futur Gouvernement.

Seul le travail peut nous donner des issues bénéfiques pour notre pays ceci dans un climat de confiance, dans un tempérament conciliant et d'attitude humble par lesquels seule l'efficacité et seuls les résultats positifs comptent.

Le pluralisme politique par la diversité des visions, d'opinions et de courant de pensées devront enrichir les débats pouvant contribuer à l'efficience du développement économique rapide de notre pays.

La santé, l'éducation, l'énergie, l'eau et la sécurité en zone rurale devront être, également, une des priorités pour l'Exécutif. Nous avons un potentiel agricole inestimable, référons nous aux doléances de nos riziculteurs de la plaine de Marovoay, d'Ambatondrazaka, de Befandriana Nord et d'Ihorombe et j'en passe ... qui représentent des atouts énormes. Soyons jaloux également de nos ressources marines et minérales.

Le passé nous permet de conclure que dans l'adversité, là où la méfiance règne à tous les niveaux de la société ne nous a point poussé à progresser, au contraire nous ne cessons pas de nous enfoncer dans la pauvreté nous connaissons le rang auquel Madagascar est relégué. Et ceci faute de plans et de vision nationale communs.

Tentons de créer cette cohésion nationale qui nous fait tant défaut, la structure FFKM/PAN continuera son travail et elle s'adaptera au contexte post électoral.

Cher(es) collègues et honorables Députés ne perdons pas notre temps aux mésententes et aux défenses des indéfinissables intérêts personnels ou de groupes, somme toute, quelconques par rapport aux attentes de nos compatriotes. N'hésitons pas à exprimer et à transmettre là où c'est nécessaire, et à qui de droit, les besoins, la souffrance et les satisfactions de nos électeurs.

Sauvons notre République, prenons le droit chemin, aimons-nous entre nous, et soyons dignes de cette noble institution. Soyons dignes de nos peuples, Soyons digne de la République.

Vive l a République.

Que Dieu bénisse notre Nation.

Je vous remercie de votre aimable attention.

- Applaudissement -

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena tamin'ity taona 2023 ity.

Mirary ny Solombavambahoaka rehetra mba ho tonga soa aman-tsara any amin'ny Distrika iadidiany avy sy hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy napetraky ny vahoaka aminy. Mirary soa ihany koa ho tratran'ny fetin'ny asaramanitra daholo isika rehetra, ho velona trampamonjena ary ho lavitry ny korontana sy izay rehetra mety ho tranga amin'ny loza mananotanona ny firenentsika.

Ambarako fa mifarana hatreo ny fivorantsika.

Misaotra Tompokolahy.


Mankasitraka Tompokovavy.

Soavadia isika rehetra, samia hotahian'Andriamanitra.

- Tehaka -

- - Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana.



Corel®

Fusion™